

NY HERINANDRO MASINA na SEMAINE SAINTE?

“Fa araka ny fahamasinan’Ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa ianareo amin’ny fitondrantena rehetra, satria voasratra hoe: “ho masina ianareo satria masina Aho” (I Pet 1:15-16)

Izany tenin’Andriamanitra miantso ny hananana fitondrantena feno fahamasinana izany no atolotra anao ao anatin’izao “herinandro masina” izao.

Inona moa no antsoina hoe « Herinandro Masina »?

Ny « Herinandro Masina », ho an’ny Kristiana dia ilay herinandro mialohan’ny Paska. Izany hoe ilay herinandro farany nahaveloman’ny Tompo teto an-tany. Ny kristiana ortodoksa dia miantso azy io ho “Herinandro Lehibe” (la Grande Semaine), ary ny ortodoksa any Roumanie aza dia miantso azy hoe “Semaine des Souffrances”.

Ny Alahadin’ny Sampandrofia na sampakazo (Rameaux) no toy ny varavarana mamoha na mitondra ny Kristiana ho amin’ny Herinandro Masina. Izany hoe: manomboka ny harivan’ny Alahadin’ny sampan-kazo dia mivavaka isaky ny hariva ny ankamaroan’ny **fiangonana mba hisaintsaina sy handray ho an’ny tenany ny fijaliana nentin’I Jesoa Tompo hamonjena ny olombelona**. Ny Kristiana any Madagasikara, dia ireo Fiangonana an-tanan-dehibe, dia mankalaza ny “Herinandro Masina” isaky ny hariva, manomboka ny harivan’ny Alahadin’ny Sampan-kazo ka hatramin’ny Zoma Masina. Ny Alakamisy Masina dia misy ny fandraisana ny Fanasan’ny Tompo, ary ny Zoma Masina kosa dia “antsam-piderana” hataon’ny Antoko Mpihira. Ny Asabotsy dia tsy mivavaka fa natao ho fahanginana hisaintsainana izay niseho nandritra ny “herinandro masina”.

Ho an’ny Fiangonana any ambanivohitra, sy ny fiangonana sasany toa antsika aty an-dafy, isika ao amin’ny FPMA dia ny Alakamisy Masina sy ny Zoma Masina ihany no ankalazaintsika. Ny Alakamisy Masina dia misy ny Fandraisana ny Fanasan’ny Tompo ho fahatsirovana ny niarahan’I Jesoa nisakafo farany sy ny nanasany ny tongotry ny mpianany (Fanasan’ny Tompo). Ny Zoma Masina kosa dia antsam-piderana natao hahatsiarovana ny fijalian’ny Tompo, amin’ny alalan’ny Antoko Mpihira na Sampana hafa.

Zava-dehibe tokoa ny fankalazantsika ny “herinandro masina” satria io no herinandro mangidy sy nitondran’ny Tompo fijaliana, ary nifara tamin’ny fahafatesany, izay tokony hihatra tamiko sy taminao, kanefa noraisin’ny Tompo izany mba hahavoavonjy antsika. Fa hoy Isaina: *“Nitondra ny aretintsika tokoa Izy, sady nivesatra ny fahoriantantsika; kanjon isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian’Andriamanitra ary nampahoriana. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy, ary ny dian-kapoka taminy no nahasitrana antsika”* (Isa 53:4-5).

Koa tsarovy mandrakariva, ry Havana, ary saintsaino ny fahoriana nentin’ny Tompo mba hamonjena antsika mandritra izao herinandro masina izao, fa tena tiany ianao ka ny ainy no nafoiny hamonjena anao.

Samia ary manovo hery sy fihavaozam-panahy amin’ny fankalazana ny “Herinandro Masina” (Asa 1:8).

Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA